**DEPARTEMANTA NY FIFANDRAISANA**

**Sabata 03 Mai 2025: Andro natokana hanamafisana ny fitoriana amin'ny alalan'ny Tambazotram-pifandraisana**

**Toriteny iombonana: « FIRAISANA HO AMIN'NY FAHOMBIAZANA »**
**Vakiteny fototra: Deotoronomia 25: 17-18**

## Fampidirana

Ny Eksodosy: boky faharoa amin'ireo Boky 5 voalohany nosoratan'I Mosesy.
Maneho ny tsiambaratelon'ny fahombiazan'ny Israely na teo aza ireo taona manjombona sy fitsapana isan-karazany.
Mahazava-dehibe azy: tsy mamotsotra na tsy manefa ny teny fikasany Jehovah. Matoky amin'ny teny nomeny Izy saingy mandray anjara feno ny olombelona sy ny safidiny amin'ny fahatanterahany.
Koa andeha hojerentsika ny **Eks. 17: 7-8 / Deot. 25: 17, 18** ka hisintonantsika lesona mikasika ireo tsiambaratelon'ny Firaisana ho amin'ny Fahombiazana raha eo amin'ny fampiasantsika ireo tambazotram-pifandraisana ho fitoriana ny Filazantsara.

## TOTOLON-KEVITRA 1 - NY AMALEKITA

**Eksodosy 17: 7-8 / Deotoronomia 25: 17, 18**

Nizotra ho any Kanana ny fiangonana. Ilay toerana tondran-dronono sy tantely.
Vao avy nandalo krizy izy ireo tao Horeba momba ilay rano mangidy.....
Taorian'izay dia tonga ny Amalekita nanafika ny vodilaharana : ireo reraka; tsy afaka...
**lesona 1:**
- Tandremo fa rehefa mandalo olana isika dia eo Satana mitily miandry anao ho reraka.
- Satana manafika ireo izay taraiky tratra aoriana: marefo, malemy, ireo tsy dia afaka ara-panahy.
- Avelan'i Jehovah hitranga ireny ho zary fanandramana ara- panahy fa raha eo Satana dia eo koa Jehovah izay tsy hamela anao ho irery na oviana na oviana.

## TOTOLON-KEVITRA 2 - FANANDRAMAN 'NY FIRAISANA

**Eksodosy 17: 8-13**

Ny dian'ny zanak'Israely tany an'efitra dia feno olam-pifandraisana : Miriama sy Arona ary Mosesy. Kora sy Datana ary Abirama. Mpisafo tany sns... olan' ny fampitana hafatra sy tsy fahampian'ny fifampiheverana...sy fifampitokisana... izay fototry ny fifandraisana avokoa.

### 1- Mba hampiverina ny fifampitokisana: FANDAMINANA

Nasain i Mosesy alamin'i Josoa ny olona.
Ny olona ao anatin'ny fandaminana sady manaiky fandaminana dia hahatsiaro ho anaty fandriam-pahalemana. Ohatra ny zaza izay tezaina baranahany dia mahatsiaro tsikelikely ho tsy tiana. Fa ny filaminana kosa dia manome antoka (Assurance) sady nampiverina ny fifampifokisana teo amin vahoaka sy Mosesy io no mamerina ny fitokiana an' Andriamanitra.

**2- Mba hampiverina ny fifampitokisana: FIZARANA ANDRAIKITRA**
Nomena andraikitra i Josoa, dia navela ho irery izy avy eo hamita ny adidiny. Lasa any an-tendrombohitra Mosesy.
Tena manan-danja eo amin'ny fifandraisana io teboka io:
* fanomezana andraikitra
* famelana: fitokisana.

Io fitokisana io no fototra mampiray sy mampifandray.

**3- Mba hampiverina ny fifampifantokisana: FIARAHA-MIASA**
Tsy nandositra ady akory Mosesy:
* Nijery sy nanara-maso: mampitombo ny fitiavana sy firaisana ny fahatsapan'ny tanora ohatra fa misy maso mijery sy manohana ary mankasitraka ny fandraisany anjara. Tsarovy fa mbola tanora Josoa, tia manao asa (action) sy eny an-kianja (terrain).
* Niara niasa amin'ny anti-panahy: Arona sy Hora. Fifampitsinjovana sy fifanohanana. « Si jeunesse savait et si vieillesse pouvait... » Mila miara - miasa isika handresy ny amalekita.
* Tsy ny ao am-piangonana no amalekita. Satana sy ny tafiny no amalekita mila toherina amin'ny firaisana.
* Aoka hajanonana ireo zavatra hafa rehetra (fifampiadaniana, fitsitokotoana, fifosana, fitsikerana, fiheveran-tena ho zavatra…) fa andeha hiray saina hiara-hiasa ho amin'ny fahombiazana.

**4- Fiakarana an tendrombihitra: VAVAKA**
* Fomban' i Mosesy io miakatra io rehefa misy olana. Manan-danja amin'i Mosesy sy ny mpanao Salamo ny tendrombohitra: Salamo 121 ohatra.
* Tsy nanery an'i Josoa hiakatra i Mosesy: tanora Josoa ary maika hanao action...nanome modely Mosesy fa mila mihataka kely ny mpitarika. Modely tsaroan'i Josoa sy notadiaviny rehefa hanafika an i Jeriko izy ka nihaona tamin'i Jesosy nitokana.
* Andao ahena ny resabe fa ampiasaina ny FIHAINONA (écoute active). Fa ampitomboina kosa ny fotoana hivavahana ary hiandry izay lazain'Andriamanitra (Hihaino Azy).
* Ny fiakarana an-tendrombohitra manko: nampitombo fifampitokisana, fifanohanana, fifankatiavana, firaisana, ARY INDRINDRA:
* NITONDRA HO AMIN NY FANDRESENA GOAVANA

Noraisin'i Josoa ireo lesona ireo tao Jeriko rehefa maty Mosesy sy Arona ary Hora ary dia nandresy izy.
Antsoina koa ianao fiangonana hanandrana izany raha eo am-pampiasantsika ireo tambazotram-pifandraisana ho fitoriana ny Filazanatsara ka hanaiky izay **FANDAMINANA**, hanao am-pitiavana izay **ANDRAIKITRA** homena, hanamafy ny **FIARAHA-MIASA**, ary hanamafy ny **VAVAKA** dia handresy ianao, handresy isika, handresy ny fiangonana.... Amen!

Pasitora RAKOTONANDRASANA Rado
Talen'ny Departemanta ny Fifandraisana/PARL
Ranomasimbe Indiana